25

TIM TIAKO I MADAGASIKARA

Amboarina indray ny lalantsika



Marc RAVALOMANANA


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 13 oktobra 2018 Laharana 826 Vidiny : **400 Ar**


**Lioka 24: 47** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao, 11 oktobra 2018


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


## Faritra Sofia, Diana, Sava 2 4

# Hampandresy an'i Dada N°25 ny rehetra nolalovany




**Fampandresena an'i Dada N°25** 2

**Hidina any Moramanga i Neny**

**Kitra – CAN 2019** 6

**Vonona ny Barea na nisedra olana aza**

**Daka kely**

Tsy ho lasa lavitra eo izany ialahy ry Boaikely a !

**FIDIO DADA N°25**

FARITRA SOFIA, DIANA, SAVA

## Hampandresy an'i Dada N°25 ny rehetra nolalovany

Kaominina sy distrika maromaro any amin'ny faritra Sofia, Diana ary Sava no notsidihan'ny kandidà laharana faha-25, Marc Ravalomanana tamin'ity herinandro ity. Tany Antsohihy, Bealanana, Mandritsara, Analalava, Ambanja, Nosy-Be, Sambava, Antalaha, Andapa, Amboangibe,… izy tamin'izany. Tsapa tamin' ireo faritra rehetra nolalovany fa resy lahatra hifidy ny filoha Marc Ravalomanana N°25 ireo rehetra izay nolalovany. Fametrahana fiarovana mahomby amin'ny lafiny fananan-tany, fanamboarana indray ny lalana hivezivezen'ny vokatra sy hisian'ny fampandrosoana, fametrahana fandriampahalemana azo ianteherana amin'ny alalan'ny Fanomezana fitaovana sy fiofanana harifomba ho an'ny mpitandro ny filaminana, ary fiantohana ny fanomezana sakafo ara-pahasalamana sy ampy, fiantohana ny fahasalaman' ny mponina izay tsy manana fahefa-mividy tahaka ny taloha intsony. Ireo no votoatin'ny « fanomezan-toky » na « Manifesto » nazavain'ny kandidà laharana faha 25, Marc Ravalomanana, tany amin'ny tapany avaratry ny nosy ny roa andro lasa teo. Ny Distrikan'i Sambava tao amin'ny tanànan' Amboangibe, Andapa, Antalaha no notsidihin' ny kandidà laharana-25, Marc Ravalomanana, omaly Zoma 12 oktobra 2018 maraina. Ny ilany Avaratra Atsinanana indray izany no hanamafisany ny "Manifesto" na ilay "Fanomezan-toky amin'ny vahoaka", nanomboka io andro io. Ary satria mifamatotra ny fanomezan-tsakafo sy ny fahasalamana dia nilaza ny kandidà fa « tsy maintsy karakaraina ny vahoaka ho salama aloha dia homena sakafo. Fitsaboana manaraka ny teknolojia vaovao, fanamboarana ny fitaovana fiterahana, ny toeram-pitsaboana, ny tobim-pahasalamana rehetra (CSB), hamboarina ny hopitaly satria tsisy fitaovana intsony any satria na "serum" aza dia vidin'ny marary ». Nanome toky ny kandidà Marc Ravalomanana fa « haverina ny tetikasa fampianarana satria io fampianarana io no tena fototry ny ain'ny firenena tena vanona ». Efa nisy rahateo ny voalazan'ny MAP momba izany ka hotohizana izany. "Rehefa tsy mahay, bado ny olona dia tsy misy firenena vanona izany. Noho izany, hoy izy, dia tsy maintsy hampianarina daholo ny zanatsika. Haverina, ohatra, ny "éducation pour tous", fitaovam-pianarana toy ny "kits scolaires", fanofanana ny mpampianatra, fandrindrana ny fampianarana hifanaraka amin' ny filan'ny tsenan'ny asa. Nandritra ny fitsidihany tao Bealanana ny alakamisy lasa teo dia nasongadiny fa tsy mendrika ireo faritra ny lalana misy ankehitriny ary ao anaty « Manifesto » ny fanamboarana indray ny lalana hahafahan'ny vahoaka mandray anjara amin'ny fampandrosoana ny firenena. Be mpamboly vary koa iny faritra iny ka nanomezan'ny kandidà laharana faha 25 toky fa hatao izay ametrahana paikady manokana amin'ny ady amin'ny tsy fahampian-tsakafo amin'ny alalan'ny fandrindràna ny vidim-bary.



**Isambilo**

Fampandresena an'i Dada N°25

## Hidina any Moramanga i Neny

Ho fampandresena an'i Dada kandidà N°25 Marc Ravalomanana dia hidina any Moramanga i Neny lalao Ravalomanana anio sabotsy. Izy no hitarika ny hetsika lehibe ho fampandaniana ny kandida laharana 25, Marc Ravalomanana , izay karakarain'ny KMMR na ny Komity Manohana an'i Marc Ravalomanana any an-toerana. Hitsena ny delegasiona tarihany any Marozevo arak'izany ny mpanohana ny kandida faha-25 any Moramanga sy ny manodidina iny. Rehefa tonga ao amin'ny Renivohitry ny Bezanozano, hiara-hamakivaky ny tanàna ny rehetra amin'ny alalan'ny Carnaval lehibe. Aorian'izay dia hisy fihaonambe ho tanterahina ao amin'ny Foibentoerana na ny QG ny KMMR ao Moramanga, hanamafisana ny toromarika sy ny fanentanana rehetra. Tanjona ny hampandresena ny kandida Marc Ravalomanana izay efa nanaporofo fa afaka mampandroso an'i Madagasikara sady mpanorina fa tsy mpandrava izy .



*Neny Lalao Ravalomanana, vadin'i Dada N°25.*

***Helisoa***

KMMR Vangaindrano

## Nangataka tsodrano tamin'ny Ampanjaka ho fampandesena an'i Dada N°25

Efa nanomboka nihetsika ihany koa ho fampandresena ny kandidà laharana faha-25, Marc Ravalomanana ny KMMR na ny Komity Manohana an'i Marc Ravalomanana any Vangaindrano faritra Atsimo Atsinanana. Nanao diabe izy ireo namakivaky ny tanàna nandeha nangataka tsodrano ho an'i Dada N°25 tany amin'ny Ampanjaka 3 troky ao Vangaindrano. Nahazo tsodrano izy ary faly ny Ampanjaka amin'ny firotsahan'i Dada Marc Ravalomanana hofidiana indray satria mahatsiaro ny fampandrosoana nataon'i Dada izy ireo tamin'ny fitondrana hatramin'ny taona 2009. Ankoatra izany, miandrandra ny fiverenan' i DaDa ny vahoakan'i Vangaindrano araka ny vaovao voaray avy any amin'iny faritra iny.

***Isambilo***

KMMR Boriboritany faha-6

## Nanao diabe teny Ambohimanarina sy ny manodidina

Niditra an-tsehatra tamin'ny fanaovana propagandy tamin'ity herinandro ity ny KMMR Boriboritany faha-6. Diabe niainga tao amin'ny QG Antanety Sud no notanterahin'ireo vahoaka mpanohana ny Kandida N°25 Marc Ravalomanana, niazo ny tapany Andrefan'Ambohimanarina tamin'izany, ka fokontany maromaro no nolalovana sy nampahafantarana ny programan'asan'ny kandidà N°25 izay voarakitra ao anatin'ny MAP 2. Tsy adino ny namporisika ny olona hanao adidy ny 7 novambra satria aina lehibe ho an'ny firenena ny mandeha mifidy ary dia ny N° 25 Marc Ravalomanana no tsara indrindra, satria izy no manana traikefa satria mahay, mahalala, mahavita. Nitarika ireo vahoaka nandeha an-tongotra ny depiote TIM voafidy teny Ambohimanarina, Horace Rasoanoromalala, niaradia tamin'ny filohan'ny DISTIM Rafiliberasoa Jean Charles, ny filoha lefitra Ramanamparantsa, teo ihany koa ny Mpandrindra ny KMMR Andriamatoa Jocelyn, ny tompon' andraikitry ny serasera ny KMMR Boriboritany faha-6 Andriamatoa Tahina. Velombolo avokoa olona teny amin'ny Fokontany sy ny lalana izay nolalovana dia Ambodimita-Avaratetezana - Amboavahy - Andranomena - Ambohidroa - Ambatolampy ary Avaratanana.



*Ny diabe nataon'ny KMMR Ambohimanarina.*

***Isambilo***

### *Ny Valosoa sy fakafaka*

## Ahiana hisy sakoroka aorian'ny fifidianana

Betsaka ny zavatra ahian'ny vahoaka amin'izao fampielezan-kevitra amin'ny fifidianana filoham-pirenena izao. Ao aloha ny kandida mampiasa volabe tsy tambo isaina ary mizara amin'izay fikambanana, na olon-tsotra, na mpanao pôlitika, sns… ary mbola manamby olona ihany koa amin'ny fifidianana ho avy eo. Tsy vitan'izany, fa mbola mametraka delegen'ny kandida maro any amin'ny fokontany samihafa ihany koa. Tsy vitan'ny hoe betsaka fotsiny ny delegen'ny kandida fa mbola volabe ihany koa no omena azy ireny. Izay fikambanana, na tanora na reniny na zandry olona dia samy omena izay sahaza azy avokoa fa tsy asiana vidiny intsony ny safidimbahoaka rehefa avy eo. Misy kandida mandany volabe am-polony miliara ary tsy mijery intsony izay vokany any fa aparitaka fotsiny izao, ka rehefa lany izy dia haverina aminy indray izany vola izany. Tsy vitan'izany, fa mbola misy olona tsy mahalala ny marina sy ny diso fa izay be vola miraraka no fidiany sy ekeny satria mahantra izy. Ho an'ireo efa zatra nandroba ny harem-pirenena indray dia tsy olana io fa efa mahazatra, ka na tsy lany aza dia efa zatra mpanao. Raha lany moa vao mainka tsara ho an'ny tsy mivaky loha amin'ny fijalian'ny vahoaka malagasy. Araraotin'ny kandida sasany izarana volakely amin'ny mpifidy izao fididianana izao satria io no hany mba hakàna ny fon'ny olona hifidy azy. Betsaka anefa no ho diso fanantenana satria misy olona tsy miraharaha vola fa rehefa tiany dia tiany, ary iny foana no arotsany rehefa tonga ny fifidianana fa ny volanao foana no lany eo. Ny artista moa dia matavy amin'ny fitenenana satria zara aza misy praopagandy hakana vola iainana ao anatin'ny fotoana maromaro. Dia ho hita eo ny tohiny fa raha izao no mitohy dia zavatra hafa no hitranga eto satria misy kandida ho diso fanantenana raha vao tsy lany ka na hanongampanjakana indray, na hitady hevitra hafa hangalàna fahefana an-dalambe. Ny ampitso no hitsara izay kandida filoham-pirenena eto amin'ny fifidianana filoham-pirenena ny 7 novambra ho avy izao.

***Rajo***

Taolagnaro

## Vonona hampandany an'i Dada ny Tim sy ny KMMR ary ny KMD

Vonona hampandany an'i Dada ny TIM sy ny KMMR ary ny KMD (Komity Manohana an'I Dada) any Taolagnaro ny 7 novambra izao. Efa manana ny stratezia hampandaniana an'i Dada ireo toko telo mahamasa-nahandro ireo. Hatramin'izao dia mbola ny ezaky ny mpikambana samirery no anatontosany fampielezan-kevitra. Na izany aza, tsy misy kiandriandry fa mitety ireo fokontany 12 ao an-tampon-tanànan'i Taolagnaro izy ireo. Resy lahatra izy ireo fa i Dada Marc Ravalomanana ihany no afaka hampandroso an'ity Madagasikara ity. Tsy mifanipaka fa mifameno ny paika sy ny tetika ataon'ireto mpiara-dia amin'ny filoha Marc Ravalomanana ireto. Tsy navelan'ny mpanohana handalo fotsiny ny herinandro voalohan'ny fampielezan-kevitra fa miezaka mandresy lahatra. Manentana eny amin'ny fokontany araka izay tratra sy zakan'ny eo am-pelatanana. Maro amin'ireo mpanohana kandida hafa no nihodin-doha niverin-dalana nanaraka ireto mpanohana an'i Dada ireto ankehitriny, tsy tambazana vola na harena fa asesikin'ny fitiavana. Be fanantenana ireto mpanohana an'i Dada N°25 ireto fa indray mihodina ihany dia vita. Mahakasika ny fanaratsiana an'i Dada, resabe fotsiny tsy mahataitra fa i Dada tsy maintsy lany hoy izy ireo.

***Mangarahara***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Ilàna traikefa ny fananganan-javatra

Maro ny zavatra tsy ampy sy banga eto amin'ny firenena ity raha eo amin'ny filàna amin'ny sehatr'asa. Iray lehibe amin'izany ny tsy fisiana firy amin'ny fanorenana asa, toy ny orinasa, ozinina, indostria. Lesoka lehibe teto amin'ny firenena io nandritra ny taona maro, ary mety amin'ireo firenen-dehibe maro any ivelany toa an'i Frantsa, izay rangory fototry ny afo amin'izany tamin'ny fotoanan'ny fanjanahantany, izany fahalemena izany. Nisy ireo mpandraharaha Malagasy no niezaka ho amin'izany taty aoriana, iray amin'izany ny filoha Ravalomanana Marc, izay niezaka nanangana sy nanorina orinasa lehibe miaro ny voninahitry ny Malagasy, ary namelona mpiasa sy mpiara-miasa marobe. Indrisy anefa, fa noho ny toe-tsaina mirefarefa amin'ny ory hava-manana, dia ninian'ireo olom-bitsy norobaina, nopotehina, nodorona ireny orinasa ireny, tamin'ny taona 2009. Tsy fahavoazana ho an'ny tompony irery izany hetraketraka sy hasomparana ratsy izany fa nanjo ny vahoaka Malagasy sy ny firenena manontolo. Iaraha-mahita tsara izany fahavoazana izany mandraka ankehitriny. Aman'hetsiny maro ireo Malagasy very asa vokatr'izany ary ny fiantraik'izany ny fijotsoan'ny toe-karem-pirenena sy ny sosialim-bahoaka ary ny fiharian-karena amin'ny ankapobeny mihitsy. Tsy nahita rirany tamin'ny fanarenana ny fanapotehana nataony tamin'ireo orinasa Malagasy maro, ary misy ihany koa an'ny vahiny, ny fitondrana tetezamitan-dRajoelina izay naharitra dimy taona ngarangidiny be izao. Tsy niova ny isan'ny tsy an'asa, ary nanampy isa ireo very asa ireo tanora vita fianarana isan-taona miditra eo amin'ny tsenan'asa. Vokatr'izany ny fitomboan'isan'ireo mpivarotra amoron-dalana, tsy teto afovoan-tanànan'ny renivohitra ihany fa nanerana ny moron-dalana rehetra teto Antananarivo sy ny manodidina (n)ahitana izany avokoa. Mora ny manapotika fa sarotra ny manangana. Any amin'ny tsy mahavaha olana amin'ny takian'ny vilanin'ny isan-tokantranon'ny vahoaka Malagasy sisa no hany nihazakazahana tamin'ny alalan'ny vola tsy fanta-pototra mazava tamin'ireny fotoana ireny. Mbola tsy nisy afitsoka ihany koa anefa ny fitondrana Hvm, niditra ny taona 2013. Nihalalina ny olam-bahoaka sy ny firenena eo amin'izay filàna asa mahavelona izay noho tsy fisian'asa tsara sy azo antoka. Na lazaina ho nisy aza, ndeha atao hoe nisy izany, ny orinasa nitsangana, dia toy ny rano indray mitete kely tsy hitan'ny tany ngazana, fa ny eo ihany no eo; na ihany koa toy ny fanafody pilina parasetamôla no entina manasitrana aretina homamiadana. Izany no sary hita nandritra izay nitondran-dRajaonarimampianina sy ny ekipany izay. Tsy nisy fihenany firy ny tahan'ny tsy fananan'asa tao anatin'ny dimy taona farany izao. Mariky ny tsy fahombiazan'ny fitondrana Hvm miharihary io sehatra iray io. Ny olona manana ny toe-tsaina efa zatra manangana ihany no afaka hanangana orinasa sy ny firenena efa milofika izao. Ny tsy mbola nanao izany hatramin'izay teto amin'ny firenena mbola hikitsapatsapa amin'ny fakàna traikefa. Ny efa nandrodana sy nanapotika ihany koa tsy hahita lalana mazava amin'ny fanasoavana ny very asa tsy novakiana loha hatramin'izay fa resabe avokoa ary fandrebirebena ny aseho ho hitam-bahoaka.

***Sôh'son***

### Fampandresena an'i Dada N°25

# Dada N°25 no handrian'ny fon'Ambatondrazaka

Filaharambe nihodidina ny tanànan' Ambatondrazaka, no hetsika nataon'ny mpanohana an'i Dada laharana faha-25 ao anatin'ny biletà tokana, amin'ny fifidianana izay ho Filoham-pirenena, ny alakamisy teo. Nasehon'ny vahoakan' ny distrikan' Ambatondrazaka fa mbola i Dada no handrian'ny fon'izy ireo, ka nahatonga ny filaharambe izay nanamarihana izany. Niainga avy ao amin'ny fidinan-dRatatamo ao Mozambika izay nananganana ny foiben'ny fampielezankevitry ny KMMR ato anatin'ny distrikan' Ambatondrazaka ny filaharana narahina hira sy fanentanana isan-karazany ary nizotra nihodidina ny tanàna iray manontolo. Tsy mbola nisy hatreto hetsika ara-politika tamin'izao fampielezan-kevitra izao nahazo olona betsaka tahaka ny nataon'ny komity mpanohana an'i Marac Ravalomanana (KMMR). Tamin'ny fofeno fitiavana no nentin'ny rehetra nanatontosa ity hetsika lehibe ity hoy andriamatoa Jacky Liva Ralambomanana na i Liva Mozambika, izay mitarika ny KMMR. Nambarany fa hitohy hatrany ny hetsika izay nisaorany manokana ireo rehetra izay namaly ny antso tamin'iny andron' ny alakamisy teo iny. Hita tonga tao avokoa ny sokajin'olona rehetra izay nifanome tanana tamin' ny fikarakarana izao hetsika izao. Niaiky ny rehetra fa tsy misy hafa-tsy i Dada no vahaolana amin' ny fanarenana ny firenena. Nisy mihitsy aza



*Ny hetsika lehibe nataon'ny KMMR Ambatondrazaka.*

ireo izay efa niara-dia tamin'ireo kandidà hafa no tonga nanamafy ny KMMR ary sahy nilaza ampahibemaso fa diso lalana izy ireo ary dia niverina hanohana an'i Dada. Tsimialonjafy izahay hoy kosa ireo mpanohana an'i Dda fa raisinay avokoa rehefa mitovy fijery. Isan'ny nohamafisin'ny filoha lefitry ny KMMR ato anatin'ny distrikan' Ambatondrazaka io izay napetrany fa afaka miaraka amin'izy ireo avokoa na iza izy na izy. Ny tanjona hoy izy dia ny hampandaniana an'i Dada Marc Ravalomanana ao anatin'ny fihodinana voalohany na 1er tour dia vita. Azo hambara fa nihorin-koditra tanteraka ny mpanohana ireo kandidà sasany nahita iny hetsika goavana iny. Marihina fa manerana an' Alaotra dia hita ho mbola tena matanjaka ny mpomba an'i Dada laharana faha-25. Miandry ny fahatongavan'ny kandidà Ravalomanana Marc avokoa araka izany ny aty Alaotra amin'izao fotoana izao. Fantatra fa hisy ny hetsika tahaka ity notontosaina teto Ambatondrazaka ity any amin'ireo distrika telo mandrafitra an'Alaotra dia Ampafarafaravola sy Andilamena.

***Raoul***

### Fernand Cello

# Tsy hampiova inona ny fivadihan'i Jaona Elite ho Mapar

Mitondra ny fahitany ny fizotry ny fampielezankevitra amin'izao fotoana ny mpanao gazety Fernand Cello. Aoka Hazava aloha hoy izy. Tsy hampiova na inona na inona ho an'ny vahoaka eto an-drenivohitra, indrindra fa ny eny Atsimondrano ny fivadihan' ny solombavambahoaka Jaona Elite ho Mapar.

- Voalohany aloha, izy dia anisan'ireo solombavambahoaka 79 niaraka tamin'ny HVM, ary tao anatin'ilay sary nizara vola niparitaka iny, nandritra ny fandaniana ny lalam-pifidianana tao Tsimbazaza.

-.Faharoa, tena nanakiana an'i Andry Rajoelina foana ity depiote ity.

- Farany, nialoha kelin'ny pré-campagne dia nisy reportage nandeha tamin'ny TVM mikasika ny Crise 2009. Anisan ireo tsy nankasitraka ny fanoganam-panjakana i Jaona élite, ary nilaza fa betsaka ny zavatra potika tao @ Suprême, mbola izy ihany koa no nilaza fa betsaka ireo Orinasa tsy niarina intsony nohon'ny Fandrobana nisy tamin' ny 2009 notarihan'i Andry Rajoelina sy ny forongony. Maro ireo olona nanakiana azy sy diso fanantenana taminy, nandritran'ny Fitondran'i Hery Rajaonarimampianina. Ny vahoaka mitazana ary hitsara amin'ny 07 novambra.., dia mahita fa lasa any amin'i zandry kely daholo ireo dinosaure politique nanimba endrika an' i Madagascar, sy nanapotika azy hatramin'izay! politika tokoa ve, sa hilaza indray hoe nohon'ny tombontsoa ambonin'ny firenena?

***Ny Valosoa***

## NY TENY FIAINANA

***II Korintiana 9:6***

*Fa izao no lazaiko: izay mamafy kely, dia kely no hojinjainy; fa izay mamafy be, dia be kosa no hojinjainy.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Mijoro Ravalo N°25 na tratry ny antsojay maro samy hafa aza

NOROBAINAO IZY, NODORANAO NY FANANANY
NATAONAO SESITANY IZY ,NOGADRAINAO
NANAOVANAO SORONA OLONA MALAGASY TOA ANAO MIHITSY ,FA IO IZY IO MILATSAKA
ARY TSY MAINTSY HO LANY IZY 25! (Return of a President)



**Hery Rdmp** : THE TIME IS NOW ! Tsy maintsy ho Filoha Ravalo N°25 na maro samy hafa aza ireo antsojay natao taminy hatramin'izay ka hatramin'izao.

**Bernard Sambo Randrianambinina** : Tim Forever, 1er tour io dia vita.

**Njaka Navalona Ravaloherison** : marina zany e, Dada ihany n 25 ok! Efa voalahatry ny ao ambony fa hiverina hitondra indray izy na inona fifofoana sy fanaratsiana azy hatramin'izay, efa voalahatra fa ho Prezidá izy afaka volana vitsy dia vitsy.

**Jeschar Steph Donatien** : Ok numéro 25 avao ny antsika.

**Richard Ramaroson** : mankasitraka N°25, vao mainka hahatonga azy ho mpandresy 1er tour ny fanenjehana an'i Dada natao azy hatramin'izay. Ny On Air TV, television ny HVM aza nandefa ny tantarany The Return of the President ny alakamisy alina teo.

**Jenny Rakotozafy** : Ravalomanana Marc no anarany, 25 no laharany, fidio izy hialanao @ io fahatrana lalina io, NY MALAGASY ALOHA...

**Rola Gosi** : antsika jiaby mifidy numéro 25.

**Rzf Maha** : YES, we all vote for number 25. Rah any hamaroan'ny olona tany Sofia sy Diana tamin'ity herinandro ity, tsy misy artista, tsy misy fizaram-bola dia tena ho vitan'ny Président Marc Ravalomanana 1er tour ny raharaha.

**Alexendre Rapa** : Andriamanitra mihitsy no miaro azy, izao izy afaka mirotsaka soa aman-tsara 25 ihany, 25 hatrany, 25 foana.

## TONONKALO

## Mahaiza mifidy

Misy kandida mampiaiky fa toa tsy ampy fahendrena,
Ka manivaka matetika, tsy mahay mitondra tena.
Raha vao mba miseho vahoaka dia manondrana hatrany.
Ny mpanohana azy koa dia toa tezainy ho amin`izany.

Na ny zavatra lazainy na ny fihetsika amam-pombany,
Dia mampidina ny lanjany, ary indrindra koa ny tombany.
Mahatonga teny maro sy baraingo sesehena
Hoe: ireny ve no hitondra sy ho filoham-pirenena ?

Raha vao hoe mijoro mantsy ny olo-mendrika hitarika,
Ny fihetsiny, avy hatrany dia mambabo mahasarika,
Fa tsy mila mievotrevotra, misavoana am-pandehanana,
Na hanao fandihim-poza, miampy marika amin`ny tanana.

... Koa mahaiza re mifidy, be ny kandida mpamitaka,
`Zao dia maro no efa indreny, miady sy mifanaritaka.
Saingy raha ny antsika kosa, miavaka `lay hotohanana,
Dia tsy iza fa i Dada, Marc Ravalomanana.

***DADAN`I ZINA (11-10-18)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

**Ny filoha Ravalomanana tany amin'ny faritr'i Sofia, Diana ary Sava.**










## Lioka 24: 47

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao, 11 oktobra 2018

***Daniela 9: 9-10 : An'ny Tompo Andriamanitray kosa ny famindram-po sy ny famelan-keloka, satria efa niodina taminy izahay ka tsy nihaino ny feon'i Jehovah Andriamanitray, mba handeha araka ny lalàny izay nasainy napetraky ny mpaminany mpanompony teo anoloanay.***

***Lioka 24: 47*** *"ary mba hotorina amin'ny Anarany ny fibebahana sy ny famelan-keloka amin'ny firenena rehetra, manomboka eto Jerosalema."* Efa ela ny zanak'olombelona no niala tamin'ny fahamarinana ka dia ny indrafo sy ny famelan-keloka ihany no famonjena azy ireny. Raha anjaran'i JAONA ny mitory sy mampianatra ny FIBEBAHANA dia anjaran'i JESOSY indray ny mamela heloka; ***Marka 1: 4.*** Izany hoe raha azonao tsara sy raisinao tsara ny fahamarinana dia izao: ny ASA ataon'i JAONA dia ASA HITA MASO fa ny ASA ataon'i JESOSY kosa dia ASA TSY HITA MASO«. Noho izany, rehefa hitan'i JESOSY ny fitsoranao ny fahotana sy ny heloka fa tsy misy nafenina teo anatrehany dia mamindra fo aminao IZY ary mamela ny helokareo. ***Ohabolana 28: 13*** *"Izay manafina ny fahotany tsy hambinina; Fa izay mitsotra ka mahafoy azy no hahazo famindram-po."* TSORY AMINY ao amin'ny vavaka ataonao izay nataonao fa mihaino anao IZY, ary aza ambara na amin'iza na amin'iza. Tsy maintsy mandalo FIBEBAHANA vao mahazo FAMELAN-KELOKA. Miankina aminao irery izany ny famonjena anao. ASA tsy maintsy toriana amin'ny olombelona rehetra ambonin'ny tany ny FIBEBAHANA sy ny FAMELAN-KELOKA raha tamin'ny andron'i JAONA sy JESOSY fa ankehitriny kosa dia atomboka aminao fa ianao ilay JEROSALEMA.Aoka ho fantatrareo fa tsy misy olona na Fiangonana ahazoana famelan-keloka fa ireny aza mbola hotsaraina avokoa, **Asan'ny Apostoly 10: 43** *"Izy no ambaran'ny mpaminany rehetra, fa amin'ny anarany no hahazoan'izay rehetra mino Azy famelan-keloka".* Izany no asan'ny mpaminany amin'izao andro farany izao, Apokalypsy 19: 10ᵉ **"Fa ny filazana an'i JESOSY no Fanahin'ny Faminaniana."** Ahoana hoy ianareo no ataon'i JESOSY anareo? Aza hadino fa raha misy olona mpanota dia maloto izy izay, ny momba azy rehetra, ny fony, ny sainy, ny fanahiny, ny vatany, ny nofony, ny teniny, ny asany, ny toeram-ponenany. Izany hoe tsy misy azo raisina mihitsy ny aminy. Izany indrindra no nahatonga ny Ràn'i JESOSY nalatsaka tamin'ny tany. Ka na iza na iza mibebaka dia nahazo famelan-keloka avy AMINY, tsy misy sandany, tsy misy takalo ary tsy vidiana fa omena maimaipoana ny famelana ny helokao. Rehefa hitan'i JESOSY ianareo fa tena mibebaka dia iny Ràny izay nalatsaka tao Kalvary iny no anasany sy andiovany anareo dia izay ianareo vao Masina sy Madio. Tsy hitanao maso velively izany ASA izany fa miankina amin'ny fibebahanao. Mahatsiaro maivana ianao, mahare fiadanana, feno fifaliana ary te handroso amin'ny dingana manaraka foana. ***Asan'ny Apostoly 13: 38-39*** *"Ary aoka ho fantatrareo, ry rahalahy, fa Izany Lehilahy izany no itoriana famelan-keloka aminareo; ary ao Aminy no anamarinana izay rehetra mino ho afaka amin'ny heloka rehetra izay tsy azo nanamarinana anareo tamin'ny lalàn'i Mosesy."* Tao amin'ny Testamenta taloha dia ny ràn'ny zanak'ondry no nandiovana ny zava-drehetra fa ankehitriny kosa dia ny Ràn'i JESOSY. ***Hebreo 9: 22ᵉ*** *"Ary saiky diovina amin'ny rà avokoa ny zavatra rehetra araka ny lalàna; fa raha tsy misy rà alatsaka, dia tsy misy famelan-keloka."* Fa raha tsy misy rà latsaka tsy misy Famelan-keloka. Ràn'i JESOSY io. Noho izany, meteza ianareo hibebaka aloha vao sasany amin'ny Ràny izay vao mahazo famelan-keloka. ***Asan'ny Apostoly 19: 4*** *"Fa hoy Paoly: Jaona nanao ny batisan'ny fibebahana ka nilaza tamin'ny olona hino Izay ho avy manaraka azy, dia Jesosy."* I Paoly dia nanazava tamin'ny olona mba hino an'i JESOSY sy ny ASA izay nataony. Na i JAONA aza dia nietry ka hoy izy tamin'ny olona, ***Marka 1: 7*** *"Avy ao aoriako Ilay mahery noho izaho, ka tsy miendrika hiondrika hamaha ny fehinkapany aza aho."* **Ilay hoe MAHERY dia ao AMINY avokoa no iankinan'ny zava-drehetra momban'ny maha olona, ny ho avy, ny tena fanompoana marina ary izay mety ho fiafaran'ny tsirairay na ho voaheloka ho any amin'ny helo na ho voavonjy aty amin'ny fiainana mandrakizay.** Hoy i JAONA : tsy izaho no KRISTY fa nirahina hialoha AZY aho, Jaona 3:30. IZY tsy maintsy mitombo fa izaho kosa tsy maintsy mihena. Na ny asa nanirahako an'i JESOSY na izay nampanaoviko an'i JAONA dia samy fahateraham-baovao avokoa. Hoy JESOSY raha namaly mpanapaka Jiosy anankiray : raha tsy ateraka indray ny olona dia tsy mahazo na mahita ny Fanjakan'ny Lanitra. IZAHO JEHOVAH koa dia afaka miteny aminareo hoe : **Raha tsy ateraky ny Fibebahana, ateraky ny famelan-keloka, ateraky ny Rano, ateraky ny Fanahy ary ateraky ny Afo dia tsy afa-mitoetra ao amin'ny Fanjakako,** ***Jaona 3: 17, 18,21*** *"Fa Andriamanitra tsy naniraka ny Zanaka ho amin'izao tontolo izao hanameloka izao tontolo izao, fa mba hamonjeny izao tontolo izao. 18 Izay mino Azy dia tsy helohina; fa izay tsy mino kosa dia efa voaheloka rahateo, satria tsy nino ny anaran'ny Zanaka-lahy Tokan'Andriamanitra izy. Fa izay manao ny marina kosa dia manatona ny mazava, mba haseho ny asany, fa atao amin'Andriamanitra izany."*. I JAONA koa dia nanao Fanambarana an'i JESOSY arak'izay nolazaina rehetra tany an'efitra sy tao anaty rano nandritra ny 3 andro. Indrindra moa rehefa nifankahita izy mirahalahy dia nasehony ny olona i JESOSY ka dia hoy izy, ***Jaona 1: 29-31*** *"Indro ny Zanak'ondrin'Andriamanitra, Izay manaisotra ny fahotan'izao tontolo izao! Izy Ilay nolazaiko hoe: Misy Lehilahy avy ao aoriako Izay efa tonga eo alohako, satria talohako Izy.Ary izaho tsy nahalala Azy; fa mba haseho amin'ny Isiraely Izy, izany no nihaviako manao batisa amin'ny rano."* Rehefa voavelan'i JESOSY ny fahotanareo dia toy izao indray ny manaraka : BATISAN'NY RANO.

Mbola hitohy

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## JMJ Mada IX

# Tanora katolika miisa 24 000 mahery no tonga any Mahajanga



*Ireo tanora katolika marobe avy amin'ny lafivalon'i Madagasikara.*

Mbola mitohy any Mahajanga ny JMJ Mada andiany faha-9. Teny amin' ny tora-pasiky ny « Village touristique » Mahajanga, ny talata teo, no notontosaina ny fanokafana ofisialy ny Fihaonamben'ny tanora katolika eto Madagasikara (Journée Mondiale de la Jeunesse catholique à Madagascar) andiany faha-IX, izay haharitra hatramin'ny rahampitso alahady. « Aza matahotra ry Maria fa sitrak'Andriaminitra ianao »: io no teny filamatra hiompanan'ny fandalinam-pinoana izay ho zaraina amin'ireo mpizaika miisa 24 875 avy amin'ireo Fiangonana EKAR manerana ny nosy. Olompanjakana maro no tonga nanome voninahitra ny lanonana. Anisan'ireo ny Praiminisitra Ntsay Christian. « Ny tanora no andrin'ny firenena. Ny tanora dia tsy ny ampitson'ny firenena fotsiny fa andry iray lehibe ifotoran'ny filamînana sy ny fandriampahalemana » hoy izy tao anatin'ny lahateniny. Niatrika izany koa ny kandidà filohampirenena laharana faha-25, Marc Ravalomanana. Anisan' ny tompon'anjara fitenenana fanokafana ny Lehiben'ny faritra Boeny mpampiantrano ity JMJ Mada IX ity, dia Andriamatoa Saïd Ahamad Jaffar, izay nisolo tena ireo mpitondra fanjakana avy any an-toerana : « voninahitra lehibe ho an'i Mahajanga renivohitry ny faritra Boeny ny fahatongavanareo marobe tahaka izao. Fantatray fa tianareo i Mahajanga ary i Mahajanga koa tia anareo » hoy izy. Maro dia maro ireo ministera, sampandraharaha tsy miankina, ireo malala-tànana samihafa no nifarimbona tamin'ny fandraisana izao JMJ MADA IX any Mahajanga izao, ka tsy hadinony ny nisaotra manokana azy ireo. Notsiahivin'ny Lehiben'ny faritra Boeny fa i Mahajanga no nandray ny JMJ Fihaonamben'ny Tanora voalohany teto Madagasikara ny volana Aogositra 1998. Diosezy valo no nandray anjara tamin'izany hoy izy raha toa ka nahatonga solontena avokoa ny Diosezy 22 ankehitriny. Nampiavaka ity lanona fanokafana ny JMJ MADA IX ity, ny fampitan-kafatra nataon'ny Kardinaly Désiré Tsarahazana nilaza fa ho tonga hitsidika an'i Madagasikara ny Papa Ray Masina François ny taona 2019. Nandravaka azy ankoatra izay ny dihy mirindra isan-karazany sy ny fanapoahana afomanga nandritry ny hira fisaorana izay tena nahafaly ireo vahoaka marobe tonga niombombavaka teny amin'ny "Village touristique".

***Aly***

## Mozika rock

# Hiray sehatra ry Iniah, Allkiniah ary Sasamaso rahampitso



*Ny tarika Iniah, Allkiniah ary Sahondra ao amin'ny tarika Sasamaso.*

Seho goavana lehibe indray no hatolotry ny Ivenco sy ny Airtel amin' ity faran'ny herinandro ity ho an'ireo mpankafy ny mozika rock. Araka izany, tarika telo izay samy sangany amin'ny fiangaliana ity mozika rock malagasy ity, ary samy hampiseho ny karazana mozika rock voiziny, no hiaka-tsehatra etsy amin'ny Dome Rta Ankorondrano rahampitso alahady 14 oktobra, hanomboka amin'ny 3 ora tolakandro. Dia ny tarika Iniah, Allkiniah ary Sasamaso.
Ny tarika Iniah, izay niforona tany amin'ny taona 1998 tany, ilay hira « Gadra » no tena nahalalan'ny maro azy, izay mbola tsy mety lefy laza fa mbola manana ny lazany hatramin'izao. Ny tarika izay fantatra amin' ny fiangaliany ny « Rock FM » sy ny « Heavy Metal », toy ilay hira « Fiainana » sy ny maro hafa. Raha tsy dia henoheno izy ireo tato ho ato dia miverina amin'ny heriny ankehitriny miaraka amin'ireo hirany vaovao. Ny tarika Allkiniah, izay niforona tany amin'ny taona 2011 tany ho any ary dia mbola tanora vao erotrerony avokoa no mandrafitra azy. Ny tena ahafantarana azy ireto ny fiangaliany ny « Power Metal » toy ny hira mitondra ny lohateny « Setrin'ny fahotana », « Androfarany » sns… Anisan'ny nampiavaka ireto zandry kely ireto koa ny fahaizana miangaly ny hiran'ny tarika mpihira rock namana hafa raha tsy hilaza afa- tsy ny an' ny tarika Mage 4 « Fitia mandrakizay » sy "Apokalipsy" an'ny tarika Apost. Ny tarika Sasamaso, izay efa somary elaela ihany no tsy tazana an-tsehatra, miangaly ny « Trash » sy ny « Death Metal » no tena ahafantarana azy raha tsy hilaza afa-tsy ilay hirany « Fariseo » sy ny maro hafa. Mampiavaka ny tarika ny fisian'ny andriambavilanitra hatramin'izay ka hatramin' izao, Sahondra,izay miangaly ny feo na « lead vocal ». Araka izany dia hanakoako indray ny feon-gitara henjana samihafa ao amin' ny Dome ary ho raitra tanteraka. Haharitra adin' ny telo raha ny fantatra ny fampisehoana ka hira eo amin'ny 30 mahery eo no omen'ireto tarika mpiangaly rock mavesatra ireto ny mpankafy.

***Andriam***

MINISTERAN'NY FAMPIANARANA TEKNIKA

## Nanao asa fanadiovana ho fiadiana amin'ny aretina pesta

Niara-nientana nanao asa fanadiovana ny tranon'ny ministera manontolo, sy ny manodidina omaly, tetsy amin'ny Complexe Scolaire Ampefiloha, ny fianakaviamben'ny ministeran'ny fampianarana teknika sy ny fanofanana arak'asa, notarihan'ny ministra Rahantasoa Lydia. Natao izao fandraisana andraikitra fanadiovana ny toerampiasana sy ny manodidina izao hoy ny ministra ho fiarovana sy ady amin'ny aretina pesta, izay miverina misy indray eto amintsika amin'izao fotoana izao. Tsy androany ihany, mantsy ny omaly hoy izy, no hanaovana izao hetsika izao, fa mbola hitohy hatrany satria ny ady amin'ny aretina pesta dia tsy vita indray andro. Navitrika tokoa ny mpiasan'ny ministera rehetra nandray anjara tamin'izao fanadiovana faobe izao.



*Ny ministra Rahantasoa Lydia, nandray anjara tamin'ny fanadiovana tetsy amin'ny ministera Ampefiloha.*

***Aly***

Alakamisy, Fenoarivo, Ampitatafika

## Nanentana amin'ny fampandrena an'i Dada N°25 ny TIM



*Ny hetsiky ny mpomba ny N°25 teny Atsimondrano.*

Nanentana amin'ny fampandresena an'i Dada Marc Ravalomanana N°25, ny alakamisy teo ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), ao amin'ny distrikan'Antananarivo Atsimondrano. Nanaovana izany hetsika izany ny teny Fenoarivo, Alakamisy ary Ampitatafika. Velom-panantenana indray ny vahoakan' Alakamisy, Vontovorona, Fenoarivo, Ambohijafy, Ampitatafika tamin'izany satria hiverina tsy ho ela amin'ny fitondrana i Dada hoy izy ireo. Nitarika ny fanentanana tamin'izany ny depiote avy amin'ny antoko TIM ao Antananarivo Atsimondrano, Voahangy Rahamanarivo, ireo ben'ny tanàna avy amin'iny faritra iny, ny Biraon'ny TIM sy Jeunes TIM eny Atsimondrano. Nambaran' ny depiote Voahangy fa vonona tanteraka ny hampandany an'i Dada izay rehetra nolalovany.

***Isambilo***

Tranga

## Nitory sefo fokontany, saika matin'ny fitsaram-bahoaka

Saika niafara tamin'ny fitsaram-bahoaka indray ny raharaha fitoriana sefo fokontany tao Antsirabe tao ny herinandro teo iny. Niakatra fitsarana ny Talata 9 Oktobra lasa teo mantsy ny raharaha iray nampifanolana ny sefo fokontany tao Tsarafara sy ny rangahy iray ao amin'ny fokontany Tsarafara Antsirabe I ihany. Nohon'ny olana ara-piaraha-monina moa dia notorian'ity lehilahy ity io sefo fokontany io ka notanana am-ponja vonjimaika mihitisy tamin'izany. Nandritra io fitsarana ny Talata lasa teo iny dia afaka tamin' ny vesatra nanenjahana azy ilay sefo fokontany, izay natronin'ny olona marobe teny amin'ny fitsarana. Efa nisy moa ny dingana maro niarovan' ny olona ity sefo fokontany ity satria nambaran'ireo olona fa tsy mitombina ny fitoriana nataon'ilay olona saingy tsy maintsy narahina ny dingana satria efa teny amin'ny fitsarana ny raharaha, ka dia izao afaka izao ilay sefo fokontany. Nony nivoaka moa ny didim-pitsarana io dia notadiavin'ny fokonolona indray ilay nitory ka saika hanaovana fitsaram-bahoaka. Talohan'ny fitsarana dia efa nisy ny fanangonan-tsonia nataon'ny fokonolona teo amin'ny fokontany nanamarina fa tsy tokony ho meloka ny lehiben'ny fokontany amin'ny raharaha nanenjahana azy. Maro be rahateo ny fokonolona ka nanano sarotra ny namehy azy hoy hatrany ny fanazavana. Teo amin'ny fokontany Voajanahary no niseho gidragidra ny Talata satria nanomboka nikomy ny fokonolona ary nitady ilay nitory. Fantatra fa tsy sahy namonjy ny trano fonenany intsony ilay nitory raha tsy narahina mpitandro filaminana nony hariva ny andro. Tsy nanaiky rahateo ny fokonolona teo Voaijanahary toerana saika nisian'ny sakoroka. Nandray andraikitra feno moa ny mpitandro filaminana ka nilamina ihany ny raharaha.

***Solohery***

## SARIITATRA: Dada N°25 no hanala amin'ny fahantrana




Kitra – Fifanintsanana CAN 2019

## Vonona ny Barea na nisedra olana aza

Anio no hotanterahina any Malabo renivohitr'i Guinée Equatoriale ny fihaonana eo amin'ny Barean'i Madagasikara sy Guinée Equatoriale, taranja baolina kitra, lalao mandroso izay tafiditra ao anatin'ny fiadiana ny CAN 2019, izay hatao any Cameroun amin'ny taona 2019, vondrona A. Efa tonga any an-toerana avokoa ireo ekipa handrafitra ny ekipam-pirenena Malagasy ary efa nisy ny fitsapana ny toerana hilalaovana. Araka izany efa vonona tanteraka ny Barean'i Madagasikara na dia nisedra olana ara-bola aza teo amin'ny fikarakarana ny dia amin'ity lalao izay hatao any Malabo ity. Raha ny fantatra dia efa niravona ihany izany olana izany nohon'ny fifanomezan-tànana teo amin'ireo tsarasitrapo sy mpakafy ny lalao baolina kitra Malagasy. Tsy maintsy mitady fandresena ny Barea raha toa mbola tiana ny hitazona izao laharana faharoa ao amin'ny Vondrona A misy azy izao. Efa nahazo fandresena nanoloana an'i Soudan koa mantsy ry zareo Guineana saingy mbola ao aorianantsika amin'ny filaharana nohon'ny elanelan'ny baolina maty. Marihina fa inty no mamarana ny lalao mandroso ho an'ny Barean'i Madagasikara. Ny talata ho avy izao dia efa hiatrika ny lalao miverina sahady ireto ekipa roa tonta ireto aty Madagasikara, ny marimarina kokoa any amin'ny kianjan'ny Cnaps Vontovorona. Taorian'ny lalao ady sahala 2 sy 2 teo amin'ny Barea sy ry zareo Sénégal tetsy amin'ny kianjaben'i Mahamasina dia voasazin'ny Federasiona Iraisampirenena Fifa ho tsy azo ilalaovana lalao iraisam-pirenena aloha ny kianjaben'i Mahamasina, noho ilay lalao nahafaty olona nohon'ny fifanosehana teo am-pidirana ny kianja, ka izay no hanaovana ny lalao miverina eny Vontovorona.

Ireo handrafitra ny Barean'i Madagasikara : Dabo ; Jerome Mombris ; Bapasy ; Toavina ; Caloin Dimitry ; Amada ; Marco ; Zotsara ; Bôlida ; Faneva Ima ; Carolus ; Njiva ; William Gros ; Voavy Paulin ; Fontaine Thomas ; Leda ; Toby ; Mario Bakary ; Rayan.

***Andriam***



ENIAP Antsirabe

## Polisy miisa 9 mianadahy no nasondrotra galona

Lanonana tsotra nefa nanana ny lanjany no notanterahin'ny polisim-pirenena teto Vakinankaratra ny faran'ny herinandro lasa teo, teny amin'ny ENIAP na ny sekolim-pirenena manofana ho "Agent de police sy Inspecteur de police" eto Antsirabe, no nanaovana ny lanonana ara-panjakana nanolorana galona ireo polisy izay miasa eto anivon'ny faritra. Miisa sivy mianadahy ireo polisy nahazo ny fisondrotana galona ireo, ka nisondrotra ho kaomisera ny iray, inspecteur kosa ny 3, ary officier ny 5. Nambaran'ireo tompon'adraikitry ny polisy fa mitaky tamberin' andraikitra hatrany eny anivon'ny fiaraha-monina ny fanondrotana azy ireo ny galona, na ho an'ny polisim-pirenena izany, indrindra fa ho an'ny vahoaka izay anto-pisiana' izy ireo. Niara-dalana tamin'izao lanonana izao ihany koa dia nisy ny fampahafantarana ampahibemaso ny commissaire central vaovao eto Antsirabe dia ny kaomisera Raholison Andrianaja Patrick izany, sy ny commissaire central lefitra vaovao, ary ny lehiben'ny polisy ao Mahazoarivo Antsirabe. Tonga nanome voninahitra ity lanonana ity ny lehiben'ny Faritra, Général de Division Rakotonarivo William, ny Préfet-n'Antsirabe Andriantomponera Voahangy Harimino, ny Talen'ny sekoly ENIAP Talily Damy, ary ny BRSP eto Antsirabe Commissaire Rafalimanana Alain Adonis.

***Lezama***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**06/10/18 hatramin'ny 13/10/18**

- **NOUVELLE** (Rue Indira Gandhi Tsaralalana) 020 22 370 03/034 22 370 03
- **SOANDRY** (Behoririka près de Luxor) 020 22 228 37/033 11 650 36 /034 98 379 12
- **HANITRA** (Ankorahotra) 020 22 312 81/020 22 350 80
- **AMBODIVONA** (Ambodivona) 034 07 228 98
- **MAMY** (67HA Nord Est) 020 22 318 21/020 24 627 72

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 826-10-18
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

AKOHO MANATODY LAVA

## Sahirana ny mpiompy fa niakatra ny katsaka

Tafakatra 1500 ariary ny iray kilao amin'ny katsaka ankehitriny. Teo aloha dia manodidina ny 1000 ariary ny iray kilao. Ny atody anefa dia tsy miakatra ny vidiny fa manodidina any 350 ariary ny iray eny amin'ny mpiompy. Mitombo io vidiny io rehefa tonga aty Antananarivo. Teo aloha dia mahazo tombony ihany ny mpiompy , ankehitriny anefa dia sahirana izy ireo satria tsy mahatakatra ny masonkarena ny vola miditra. Manginy fotsiny ny fanafody sy fitaovana samihafa ampiasaina rehefa miompy akoho. Tsy vitan'izany, fa mbola miakatra ihany koa ny vidin' ny akohokely satria raha manodidina ny 3800 ariary ny iray teo aloha dia mihoatra ny 4000 ariary ny iray ankehitriny. Mbola ompiana dimy volana io vao manatody. Mimenomenona ny tantsaha mpiompy ankehitriny satria raha izao no mitohy dia hihena ny mpiompy akoho manatody lava any amin'iny faritr'i Mahitsy sy ny manodidina iny. Manaitra ny mpitondra fanjakana ny tantsaha any amin'iny faritra iny mba hijery izay fiakaran'ny vidin'ny katsaka izay satria ny 70% ny sakafon'akoho dia katsaka avokoa. Mbola variana amin'ny praopagandy ka tsy mahatsiaro ny fahavoazan'ny tantsaha intsony ny mpitondra.

***Rajo***

Fiangonana FJKM

## Hikarakara ny Haona Fy ny 1 ka hatramin'ny 3 novambra izao

Hotanterahina ny 01-02-03 novambra ho avy izao eny amin'ny Village Voara Andohotapenaka ny hetsika Haona Fy, izay karakarain'ny Fiangonan'i Jesoa kristy eto Madagasikara (FJKM). Tranoeva 200 no haranty amin'izany ary mpitsidika manodidina ny 1000 no andrasana. Hetsika iantsoana ny kristianina FJKM natao hifanindran-dalana amin'ny fijoroana vavolombelona sy fitoriana filazantsara ary hanehoana ny fiombonana sy fifankatiavana. Misy ihany koa ny fitsaboana toy ny fitiliana ny diabeta sy ny sida, fitsapana tosi-drà maimaim-poana. Ankoatr'ireo dia hisy sehatra manokana fifaninanana soratra masina sy fahalalana ankapobeny. Hampiavaka ity andiany voalohany ity ny fisian'ny fifaninanana hahazoana tapakila Tana-Maurice-Tana ny andron'ny sabotsy 3 novambra.



*Eto no hatao ny Haona Fy andiany voalohany.*

***Ny Valosoa***

Vakinankaratra

## Trangana pesta, olona 5 nampiahiahy

Nahoraka tao Antsirabe indray ny resaka valan'aretina Pesta tao ho ao. Raha ny teny ifotony moa dia tsy nisy nahatsikaritra ny fisian'izany valan'aretina izany, saingy nanaitra ny maro ny tatitra navoakan'ny Minisiteran'ny Fahasalamana tamin'ny filazana fa nisy tranga nampiahiahy 5 no hita tao amin'ny CHRR Antsirabe. Rh any filazana ihany nefa dia nambara fa rehefa natao hono ny fitiliana dia "negatif" avokoa ny valiny. Tsy nety nanome fanazavana nanodidina iny resaka iny nefa ny tompon'andraikitra ara-pahasalamana tany Vakinankaratra fa dia nionona fotsiny tamin'izay nolazain'ny Minisitera ary tena tsy netry nandray ireo mpanao gazety ihany koa ireo tompon'andraikitra satria efa tsy hono tsy afaka manome fanazavana ankoatra izay efa nambaran'ny Minisitera izy ireo. Tsy nambara mihitsy moa ny toerana sy ny mety niavian'ireto olona voalaza ho nampiahiahy ireto, mba hisorohana izay mety ho fanararaotana sy mety hiteraka resabe indray eny anivon'ny fiarahamonina, indrindra fa izao ankatoky ny fifidianana izao. Fa mbola mikasika izay fahasalamana izay ihany moa dia nisy ny fitandrem-pahasalamana fototra amin'ny fitandroana izay fahasalamam-bahoaka, dia ny tokony hitandro ny fahadiovana ny rehetra satria tsy mifidy ny aretina pesta. Fa ankoatra io resaka pesta io ihany moa dia re ihany koa izao fa manomboka mitady ahazo laka ihany koa ny haromontana ka tokony hanao vaksiny ireny biby mafana ra ireny ireo izay miompy, indrindra amin'izao main-tany izao, izay fihetsehan'ny aretin'alika sy ny saka izany. Raha tsahivina dia efa nahitana trangana haromontana ihany koa i Vakinankaratra ny taon-dasa ka isan'ny nisehoan'izany ny distrikan'i Faratsiho sy Ambatolampy ary Antsirabe faharoa.

***Lezama***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 255**

Asondrotra
Bingo
Eny @ lanitra (Miv)
Mpanondro
Tanàna masina
Nandray (BR)
Miaraka amin'ny atsy (Miv)
Tadidy
Hery, tanjaka
Ivy (BR)
Kosa
Tsiky
Santa
Tia, maniry
Ao anaty rano
Tampisaka (Miv)
Seza (Miv)
Lainga
Be taona

**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0254)

***Mitsivalana***
- Tetezana
- Alona
- Toetra
- Riaka
- Tiany – In
- Nanavy
- Ala – Asa

***Mitsangana***
- Tatitra
- Elo
- Toerana
- Entina
- Zaraina
- Ka (Miv) – As
- No – Avia (Miv)
- Amy – Ny

### TENY MIFANAPAKA N° 255

| | A | B | D | E | F | G | H | I | J | K |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | | | | | | | | | | |
| 2 | | | | ■ | | | | | ■ | |
| 3 | | | | | ■ | | ■ | | | |
| 4 | | | | | | ■ | | | | |
| 5 | | | ■ | | ■ | | | ■ | | |
| 6 | | | | | | ■ | | | ■ | |
| 7 | ■ | | | | | | | | | |
| 8 | | | ■ | | | ■ | | | | ■ |
| 9 | | | | | | | ■ | | | |
| 10 | | ■ | | | | | | | | ■ |

**Mitsivalana**

**1.** Vazivazy **2.** Menaka – Tany kely **3.** Tsy takatry ny vola – Maharitra (Miv) **4.** Manao ahoana – Ao anaty vava (Miv) **5.** Tsirin-teny Mpanao – Zandary – Mpanondro (Miv) **6.** Rano mandeha – Zana-tsoratra samy hafa **7.** Tokana **8.** Fiandohan'ny litera – Mpampiankina – Tofoka **9.** Eo amin'ny loha – Iry, tia **10.** Hazandrano

**Mitsangana**

**A.** Finoana vahiny – Tao **B.** Volana malagasy **D.** Manodidina ny vatana – Ao amin'ny rano – Naoty **E.** Mifanome hevitra (Miv) **F.** Tsofoka – Zava-maniry **G.** Kanto – Hazo maro (BR) **H.** Karatra matanjaka – Biby masiaka (Miv) **I.** Nisintaka (BR) – Nanao fangatahana (Miv) **J.** Tofoka – Efaina (Miv) **K.** Tsy anatiny

### Valiny Teny mifanaraka 0254

***Mitsivalana***

1 Fanorenana 2. Ila – Alina 3. Herinandro 4. Afaka – Maro (Miv) 5. Vary 6. Isaorana 7. Na – To – Lany (Miv) 8. Ako – Maty 9. Na – Riba (Miv) – Oh 10. Afeninay

***Mitsangana***

A. Fihavanana B. Alefa – Fako (Miv) D. Narary E. Tsiky (Miv) – AN F. Rana – Aomby G. Ela – Fo – Ain(a) H. Nino – Ritra I. Androany J. Nara – Na K. Ombalahy


Mitsinjo ny vehivavy Malagasy ...


Hanatsara ny fiainan'ny Malagasy


Hanome asa ho an'ny Malagasy


Famplanarana sy fitaizana ...


Mpanangana fa tsy mpandrava


Hitarika ny tantsaha amin'ny vokatra Malagasy










Tia fifaliana ary tia mizara izany


Vehivavy sy ireo Reny Malagasy rehetra


Ao anaty sampana maro amin'ny Fiangonana


Aza matahotra, minoa fotsiny ihany


Hijoro amin'ny fahamasinana sy fahamarinana


Mihaino sy manampy ireo tanora


Tsy manavaka finoana


Mifandray amin'ireo kristiana rehetra


Sahy mijoro amin'ny maha kristiana ary


Mitarika hahay mankatoa an'Andriamanitra

> “ **Tompo ô, omeo mpitondra araka ny sitraponao** izahay mba **hitondranay araka ny fahalalana Anao sy ny fahendrena.** Amena ! ”


Manankina ny fiainam-pirenena amin'Andriamanitra